# “Tsy misy tompon’ny volamena na volafotsy izay tsy mahaloa izay tokony haloany, raha tsy amin’ny Andron’ny Fitsanganana amin’ny maty no hovelarana takela-afo

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Tsy misy tompon’ny volamena na volafotsy izay tsy mahaloa izay tokony haloany, raha tsy amin’ny Andron’ny Fitsanganana amin’ny maty no hovelarana takela-afo ho azy, ary hafanaina ao amin’ny afobe izy, dia ho dorana miaraka amin' ny lanivoany sy ny handriny ary ny lamosiny, isaky ny mangatsiatsiaka, dia haverina aminy indray izany, amin’ny andro iray izay mitovy amin’ny dimy alina, mandra-pitsarany ny mpanompony, ka hahita ny làlany, na ho any amin’ny Paradisa na any amin’ny helo".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanazava ny karazana harena sy ny valisoa ho an'izay tsy mandoa ny Zakat amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty i Mpaminany (S.A.W), anisan'izany : Ny voalohany : Volamena sy volafotsy ary ny toy izany, toy ny harena sy ny varotra, izay no takina amin’ny zakat nefa tsy voaloa, ka amin’ny andro farany, dia natsofoka sy nararaka tamin’ny takela-bato ary nodorana teo amboniny ao amin’ny afobe, ary hampijalina miaraka amin’izy ireo ny tompony, ary ho fehezina miaraka amin’izy ireo ny lanivoany, ny handriny, ary ny lamosiny isaky ny mangatsiatsiaka izy ireo, dia hitohy mandritra ny andro fitsanganana amin’ny maty izany fijaliana izany, ny faharetany dia dimy alina taona, mandra-pitsaran’Allah ny zavaboary, na ho anisan’ny olon’ny Paradisa izy ireo na ho anisan’ny olon’ny Helo. Ny faharoa : Ny tompon’ny rameva izay tsy mandoa ny Zakat sy ny adidy amin’izy ireo, anisan’izany ny fiterena ronono azy ireo ho an’ny mahantra mitondra azy, ka ireny rameva ireny dia betsaka sy matavy, mihoatra noho ny isany, ary aparitaka sy atsipy, ary ny tompony dia mihinjitra ho azy amin’ny andro farany amin’ny tany malalaka sy marin-tampona, manitsaka azy amin’ny tongony sy manaikitra Azy amin’ny nifiny, isaky ny mandalo ilay farany dia averina indray ny voalohany, ary ao anatin’izany fijaliana izany izy mandritra ny andro farany izay maharitra dimy alina taona, mandra-pitsaran’Allah ny zavaboary, ka na ho anisan’ny mponin’ny Paradisa izy na anisan’ny olon’ny helo. Fahatelo : Ny tompon’ny omby sy ondry – ondry sy osy – izay tsy mandoa ny adiny tsy maintsy ataon'ny tompony, dia nentina araka ny isany izy ireo, ka tsy nisy tavela tamin’izy ireo, ary naparitaka sy nariana, ary avelatra eo amin'ny tany malalaka izy ireo sy ny tompony, izay tsy misy tandroka miolakolaka na tsy misy tandroka ary tsy tapaka ny tandroka, fa kosa amin'ny endrika feno, ka manoto azy sy manosihosy azy amin'ny tandrony sy manitsaka azy amin'ny tongony, isaky ny tonga ny farany dia averina eo ny voalohany. Ary ao anatin’izany fijaliana

izany izy mandritra ny andro farany izay maharitra dimy alina taona, mandra-pitsaran’Allah ny zavaboary, ka na ho anisan’ny mponin’ny Paradisa izy na anisan’ny olon’ny helo. Fahefatra : Tompon-tsoavaly, izay misy karazany telo : Ny voalohany : Enta-mavesatra ho azy, dia izay mandray izany ho fireharehana sy fizahozahoana ary ady amin’ny vahoaka silamo. Ny faharoa : Firakotra ho azy, dia izay nanao azy ho fitaovana entina amin'ny jiady amin’ny làlan’Allah, avy eo dia nitondra azy tsara sy nanome azy vilona sy vatsy hafa, anisan’izany ny fanomezana ny ombilahy kely ho azy. Fahatelo : Valisoa ho azy, dia izay nanome azy hampiasaiana amin'ny jiady amin’ny lalan’Allah ho an’ny vahoaka Silamo, ary any amin’ny kijana sy ahitra ho fiandrasana ahitra, ka tsy nihinana izy afa-tsy hoe isan’izay nohaniny dia nosoratana asa soa ho azy, ary ny isan’ny tain-drorohany sy ny fisotrony dia nosoratana asa soa ho azy, ary tsy tapaka ny halavany, ary io dia tady namatotra azy, ka nentina izy nihazakazaka niakatra avy amin'ny tany; afa-tsy hoe nosoratan’Allah ho asa soa ny isan’ny soritry sy ny tain-drorohany, ka tsy nandalo ony ny tompony ka nisotro teo izy, afa-tsy hoe nosoratan’Allah asa soa ho azy izay nosotroiny. Dia nanontaniana i Mpaminany (S.A.w) momba ny apondra hoe : Tahaka ny soavaly va izy? Namaly izy hoe : Tsy nisy lalàna nambara momba izany afa-tsy io andininy tsy fahita firy io, izay ankapobeny ho an'ny karazana fankatoavana sy tsy fankatoavana rehetra. Izao no tenin’ilay Tsitoha hoe : {Koa izay manao asa soa mitovy lanjan’ny atoma iray dia ho hitany izany, ary izay manao asa ratsy mitovy lanjan’ny atoma iray dia ho hitany izany}. [Al-Zalzalah: 8], Izay nampiasa ny ampondra amin'ny fankatoavana dia hahita ny tambin’izany, ary raha nampiasa azy tamin'ny tsy fankatoavana dia hahita ny sazy amin’izany, ary tafiditra ao anatin’izany ny asa rehetra.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/6611